MORONDAVA

Manao fijery mitanila ny ministry ny fanatanjahantena

Manao fijery mitanila ny minisitry ny fanatanjahantena, satria nandeha nisolotena ny faritra Menabe tany amin'ny champion's league poule des As ny club Grand Sud Est dia tsy nampian'ny ministra, satria voalaza fa tsy tiany ny anaran'ilay tarika, nefa ireo no nibata ny amboara ny championnat régional, na tompon-dakamparitra tany Menabe. Araka ny vaovao voaray nilaza ity ministra zanak'i Menabe ity, fa mila ovaina aloha hono ny anaran'ilay club izay izy vao hanampy, nefa mbola izy no filohan'ny ligin'ny baolina kitra any Menabe aloha

Ny ministry ny fanatanjahantena, Hawel.

hatramin'izao. Ny ekipan' ny volley-ball kosa dia nahazo 1.500.000 Ariary rehefa nangataka hisolotena ny faritra Menabe tany Antananarivo, satria maro akamakama ao amin'ny volleyball sady avy ao Morondava daholo ireo mandrafitra ny ekipan'ny volley-ball, raha ekipan'i Mahabo kosa izay nahazo ny tompondakan'ny faritra Menabe ny Grand Sud Est. Ankoatr'izany, tapitra ny volana oktobra teo ny 4 volana nolazain'ny ministre Tinoka Roberto hahavitan'ny Stade manara-penitra aty Morondava, hatreto anefa dia tsy misy raha miova firy. Ny ministra Hawel izay nandimby azy dia tsy mety manome fe-potoana, fa dia ny hoe tsy maintsy vitako io, izay foana no avaliny raha anontaniana ny hahavitan'io ary miovaova foana ny antony lazainy. Taraiky ny fahavitan'io tamin'ny voalohany, nilaza izy fa vola ny olana, satria tsy mitovy ny devis natao sy ny zava-misy amin'izao , izao indray izy niteny fa olana technique, satria diso ny étude nataon'ireo teknisianina, ka mila mitady hevitra, satria ho dobodrano io kianja io rehefa ho avy ny orana. Farany ny mpiasa miasa amin'ny fanamboarana io kianja manara-penitra Morondava io dia tsy ampy 15 akory, fa olona 12 ihany no miasa ao, sady efa feno mitriatra sahady ireo rindrina efa vita dia loko sy tampitapenana fotsiny.

J. Patrick

1/8-dalan'ny « Rugby Doppel Top 20 2021 »

Mihenjan-droa ny tady fa samy miziriziry amin'ny heviny

Ho tanteraka ihany toy ny efa voafaritra ve ireo lalao 1/8-dalana amin'ny fifaninanana rugby Doppel Top 20- 2021, izay ho tontosaina etsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka rahampitso alahady 07 nôvambra 2021, araka ny nambaran'ny tompon'andraikitry ny Malagasy Rugy (MR) tafaresaka an-telefaonina tamin'ny gazety, fa efa novahan'izy ireo ny olana nitranga natsidik'ireo fileovana maromaro handray anjara amin'io dingana io dia ny fangatahan'izy ireo handoavana ny quote part zon'izy ireo. Araka ny fampahafantarana nataon'ny Malagasy Rugby dia mitentina 30 000 000 ariary ny lela vola hozarain'ny MR amin'ireo Klioba nandray anjara nandritra ny fifaninana DOPPEL TOP20 ary mitentina 5.000.000 ar kosa ho hozarain'ny Star : Quote Part par Malagasy Rugby Phase éliminatoire 17e, 18e, 19e ; 20e : hahazo 800.000ar tsirairay avy (ekipa 4) 9e au

Mpitantana Malagasy Rugby sy Mpitantana fileovana Doppel Top 20- 2021.

16e Perd 1/8 final : hahazo 1.150.000 ar tsirairay avy (ekipa 5e au 8 e Perd 1/4 final : hahazo 1.425.000 ar tsirairay avy (ekipa 4) 4e places : hahazo 2.000.000 ar (ekipa 1) 3e places : hahazo 2.500.000 ar (ekipa 1) Vice champion : hahazo 3.000.000 ar (ekipa 1) Champion : hahazo 4.000.000 ar (ekipa 1) Faire play : hahzo 400.000 ar (ekipa 1) Total : 30.000 000 ar. Quote Part par Star Sponsor Officiel Doppel Top 20 Champion : ho tolorana 3.000.000 ar Vice champion : ho tolorana 1.000.000 ar Meilleur Joueur : ho tolorana 500.000 ar Meilleur Marqueur : ho tolorana 500.000 ar. Total : 5.000.000 ar. Tetsy ankilany anefa dia nivory tetsy amin'ny Foiben-toeran'ny FT Manjakaray (Japan Actuel's) taorian' izany ireo filoha sy solontenan'ny klioba ao amin'ny TOP 20. Azon'izy ireo tamin'io fivoriana io ny taratasy mitsinjara an'ireo vola ho azon'ny tsirairay. Tapaka anefa fa tsy hisy ihany ny lalao amin'ny ampahavalondalana, raha tsy mahazo valinteny mahafa-po (60 000 000 ariary) hozarain'ireo klioba ireo. Mivonona ny tsy ho eny amin'ny kianja Makis mihitsy izy ireo, noho izany satria na ny "séance de travail" aza mbola tsy nisy. Mitaky ny hanomezana an'io vola io ireto mpitantana ny klioba ankoatra ny JST Ambondrona sy FTBA Andohatapenaka ireto. Voalazan'izy ireo fa 75% an'ireo klioba, ankehitriny, no tsy manam-bola hanaovana survettement nefa amin'ny "phase finale" tahaka izao no maha jejojejo ny klioba. Ny vaovao farany nambaran'ny Tale teknikan'ny Malagasy Rugby anefa no nahafantarana, fa omaly zoma 05 nôvambra 2021 no nanatanterahana ny "séance de travail" ho an'ity am-pahavalon-dalana ity. Indro homena anao aloha ireo fandaharandalao efa voafaritra : 09:00-3Fai Vakinankaratra # Ftm Manjakaray. 11:00-Tam Anosibe # Ftba Andohatapenaka. 13:00-Cosfa Miaramila # Mang'Art Manjakaray. 15:00-Stm Savonnerie # Tfa Anatihazo.

Rainilita

Antm Analamanga

Hanangana biraom-paritra handrindra ny fitsaboana nentim-paharazana

Hiroso amin'ny fametrahana "Bureau de coordination regional" momban' ny fitsaboana nentim-paharazana, ny mpikambana Antm faritra Analamanga (Fikambanam-pirenena mpitsabo nentim-paharazana), izay natao tetsy amin'ny Kianjan'ny Kanto Mahamasina ny zoma maraina teo. Fifanakalozan-kevitra eo amin'ny samy mpikambana no natao, mba hahafahan' ireto farany mametraka biraom-paritra vonjimaika ary ity birao vonjimaika ity indray, no hiara-hisalahy amin 'ireo mpitsabo nentim-paharazana eny anivon'ny Distrika miara-miasa amin'ireo rantsamangaikan'ny Ministeran'ny fahasalamana sy ny Kaomi- nina, mba hahafahana manangana miaraka ny biraom-paritry ny mpitsa-bo nentim-paharazana ara-dalàna. Nanazava An- driamatoa Andriandrainarivo Josephin, filoha nasionaly ny Antm, fa fame- noana ny rafitry ny fikambanana eny anivon'ny Ministera mpiahy, ity hatao ity izany hoe fametrahana "Brigade" mba hanaramaso sy hanitsy ny asa sy ny fitondrantenan'ny mpi- tsabo nentim-paharazana eny ifotony, ka hisian'ny fanarahan-dalàna. Nanohy fanazavana ny filoha nasionaly Antm, fa ny "Bureau de coordination ragional" momban'ny fitsaboana nentim-paharazana, no hiara-hiasa miaraka amin'ireo sampan' asa eny anivon'ny Ministeran'ny fahasalamana, ny Ministeran'ny filaminam-bahoaka, ny Ministeran'ny fitsarana, ny Ministeran'ny Kolontsaina ary ny Ministeran'ny tontolo iainana amin'ny fampanarahan-dalàna an'ireo fitsipika sy ny lamina momban' ny fitsaboana nentim-paharazana ary ity biraom-paritra vaovao ity, no afaka hanafay sy hampihantona amin'ny asany, na koa hanasazy an'ireo olo-na mihoa-pefy amin'ny asa fitsaboana nentim-paharazana ao amin'ny faritra Analamanga. Tsiahivina fa ity rafitra hatsangana ity dia rafitra faha- efatra eny anivon'ny Ministeran' ny fahasalamam-bahoaka aorianan' ny Snmt (Komity nasionaly ho an'ny fitsaboana nentim-paharaza-na), sy ny sampandraharaha misahana ny zava-maniry fanao fanafody, izay eo ambanin'ny fiadidian'ny fitaleavandraharahan'ny "Laboratoire" sy ny Farmasia ary ny farany dia ny Anmt.

Ireo mpikambana ao amin'ny Antm.

Franck Razakambelo

Fanatanjahantena

Ireo hetsika misongadina faran' ny herinandro

Me Appolo- 40 taona niangaliana haiady

Ady miisa 40 no hatrehana etsy Mahamasina anio

Ady miisa 40 no hifandimby hatrehana etsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina anio sabotsy 06 nôvambra 2021, eo amin'ny hetsika fanamarihana ny faha-40 taona niangalian'i Me Appolo haiady. Araka ny efa fantatra dia hiakatra ringa indray ity olo-ben'ny taranja Kick Boxing ity anio, ka ny taranja Kick Boxing sy K-1 ary Boxe Anglaise no hahitana azy amin'izany. Mialohan'ny hetsika rehetra aloha dia hisy ny filaharam-be ataon'ireo mpiangaly haiady handray anjara rehetra.

Me Appolo 2021.

Tompondakan'i Madagasikara Handball seniors 2021

Hifarana rahampitso alahady any Mahajanga

Rahampitso alahady 07 nôvambra 2021 no hifarana ny fifaninanana handball fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara sokajy senior lahy sy vavy. Ho fantatra amin'izany ireo ekipa handimby an'ireo tompondaka farany dia ny ekipan'ny Assm lehilahy sy ny Tanà Hand ball Club vehivavy. Anio sabotsy 06 nôvambra 2021 no hanatanterahana an'ireo ankatoky famaranana rehetra amin'ity fifaninanana ity ao amin'ny kianja "complexe sportif" ao Mahajanga.

Volley-ball – Elites U 23

Hifarana anio etsy Ankorondrano

Hifarana anio sabotsy 6 nôvambra 2021 etsy amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano ny fifaninanana volleyball fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara sokajy U 23 lahy sy vavy, ka hifanandrina amin'izany eo amin'ny sokajy vehivavy ny Gnvb sy Vbcd ary ny Asi sy Bi'As. Eo amin'ny sokajy lehilahy kosa no hahitana ny fihaonan'ny Gnvb sy 1Rm 5 ary ny Asi sy Cvbf .

Rainilita

GIZ sy Kaominina Ivato

Nomena karatra nomerika ireo mpivarotra

Anisan'ny voalohany eto amintsika ny fanomezana karatra nomerika ny mpivarotra ao amin'ny tsenan'Ivato distrikan'Ambohidratrimo faritra Analamanga. Nozaraina ho an'ny mpivarotra ara-dalana rehetra ao amin'ny tsenaben' Ivato nanomboka afak'omaly ny karatra nomerika, "carte digi- tale". Tsy mampiasa karatra maha-mpivarotra vita taratasy intsony noho izany ny mpivarotra any Ivato. Io karatra moderna io no miasa ho famantarana ny mpivarotra ara-dalàna tsirairay, sy hahafahan'izy ireo mandoa ny haban-tsena, na ny hofan- tsena. Mihena koa ny fikirakirana ny ravim-bola mivantana ho an'ny mpi- asan'ny kaominina mpitaky haban-tsena. Haingana sy madio, mangarahara ny fomba fiasa. Izy ity dia vokatry ny fiaraha-miasan'ny Kaominina Ivato sy ny GIZ Alemà ary ny Comité Adhoc ao anivon'ny tsenaben' Ivato.

Aly

Ireo karatra nomerika ho an'ireo mpivarotra ao amin'ny tsenaben'Ivato.